# “ Teny roa maivana amin’ny lela, nefany tena mavesa-danja eo amin’ny mizana (vato-fandajana), ary tian’Ilay Be famindrampo

Tatitra azo avy tamin'i Abou Houraira (R.A), niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “ Teny roa maivana amin’ny lela, nefany tena mavesa-danja eo amin’ny mizana (vato-fandajana), ary tian’Ilay Be famindrampo: (Sobohànalloàhy wa Bihamdihÿ Sobohànalloahil- Andhìmo) Voninahitra anie ho an’i Tompo Allah Lehibe, Voninahitra ho an’i Tompo Allah ary ho Azy ny Dera ”.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Ny Mpaminany (S.A.W) dia nanazava sy Nilaza : ny mombany Teny roa izay lazain'ny Olona iray eo amin'ny fiainany ka tsy misy fahasarotana na amin'ny toe-javatra rehetra misy sy mandalo, ary manana valisoa lehibe izy ireo eo amin'ny mizana, ary ny Tompon-tsika, be famindram-po, Avo Indrindra. , Tia azy ireo : (Sobohànalloàhy wa Bihamdihÿ Sobohànalloahil-Andhìmo); Noho ny zavatra nampidirin’izy ireo tamin’ny filazalazana an’i Tompo Allah ho lehibe sy lavorary, ary ny fahadiovany amin’ny lesoka, Sambatra sy Avo Indrindra.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5507